# “Eny tokoa, misy amin'ny olona mampiasa ny fananan’Allah tsy ara-dalàna, dia ho ny Afobe no sahaza azy ireo amin'ny andro farany

Tatitra avy tamin'ny Khawla Al-Answariou (R.A) niteny : Izaho nandre an'ny Mpaminany (S.W.A) niteny manao hoe : “Eny tokoa, misy amin'ny olona mampiasa ny fananan’Allah tsy ara-dalàna, dia ho ny Afobe no sahaza azy ireo amin'ny andro farany".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Manazava i Mpaminany (S.W.A), fa misy amin'ny olona izay mandany ny volan'ny mpino silamo amin'ny fomba tsy ara-drariny ary maka izany tsy ara-drariny koa, izany dia amin'ny dikany ankapobeny momba ny fanangonana sy fahazoana vola tsy eken'ny lalàna, sy fampiasana azy tsy amin'ny toerany, toy ny fihinanana ny volan’ireo zaza kamboty sy ny vola natolotra ho an'ny daholobe, ka nivadika tamin'ny fitokisana ary naka azy amin'ny fomba tsy mendrika. Avy eo izy (S.W.A), dia nilaza fa ny valin-kasan'izy ireo dia ny Afobe amin'ny andro farany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee